



## FITSIPIKA HIFAMPIFEHEZANA

Ny fikambanana no hitondra anao any amin'ny lalam-baovao, hanovana ny fiainanao ka ho fanantenana vaovao no tajona

Ny AssoFANANTENANA dia managana tahiry avy amin'ny alalan'ny latsa-kemboka ataon'ny mpikambana.Io tahiry io no tsinjaraina amin'ny alalan'ny fitaovana raitra dia raitra manaraka ny toetr'andro sy ny teknolojy iainantsika eto @izao tontolo izao mba hiadiana amin' ny fahantrana sy hitadiavana vahaolana amin'ny tsy fananam-bola.

Rehefa voavaha ny olana ara-bola dia afaka isika manangana orin'asa ho an'ny tenanao tamin'ny alalan'ny ezaka nataonao hampiroboroboana ny fikambanana

Ny fikambanana dia maniry ny hanampy ireo tena sahirana mba sy ho  vesatra eo anivon'ny fiaraha-monina izy ireo ka ny fepetra ho raisina dia ny fampianarana na fanentanana izay rehetra sahirana.

### *FANDROTSAHANA sy FANDRAISANA  VOLA*

Avy amin'ny alalan'ny tambajotra Airtel money,Telma,Orange money aloha atreto ny fomba fikirakirana ny volan'ny fikambanana.

VOKATRY NY  EZAKA nataonao dia nanapa-kevitra ny fikambanana fa afaka atao ny manolotra marimpakasitrahana noho ezaka vita tato anatin' ny Fikambanana. Noho izy tahiry hitsinjovana ny ho avinao dia nanapankevitra ny fikambanana fa hitohy ary haharitra fa tsy natao handalo fotsiny ihany izany fandraisana mari-pakasitahana izany.

Noho izany :

Ny vola rehetra voamarika na natolotry ny fikambanana Asso-fanantenana ao anaty kaonty dia tombatombana ihany fa mbola hisy fitsinjarana izany toy ny (Frais de transfert)alain'ny tambajotra sy ny vola tokony hanaovana tahiry,Ny ambiny avy eo no azonao hangatahina amin'ny alalan'ny toromarika fisitonam-bola.

Izany rehetra izany dia atao mangarahara ary marihina sy hahazo dika mitovy mifanaraka amin'izany ny rehetra.




***FIDIRANA AO @ FIKAMBANANA***

Ny fikambanana dia mivelona amin'ny latsakemboka,raha; Ny fitaovana ampiasaina ananan'ny Fikambanana Asso-fanantenana no antoka tena mahomby mba hanantanterahan'ny mpitantana ny fanamby napetraka.

Ny latsa-keboka dia 5000ar INDRAY MANDE MANDROTSAKA IHANY.

Toy izao ny fitsipi-dalao entina hampiroboroboana ny fikambanana indrindra ny fomba hanatanterahana ny fomba rehetra famahana ny olana ara-bolanao

Afaka miditra ny rehetra na misy na tsy misy Ray na Reny Mpiahy:

Ho an'ny olona tsy manana Parrain dia tompon'andraikitra feno izy @ fomba ianarany ny mikasika ny fikambanana ary mikaroka ny fomba rehetra hifehezana ny fitaovana rehetra.

Ho any efa manana parrain dia avy t@ alalan'ny LIEN de parrainage no nahafahany niditra tato anaty fikambanana.Io LIEN io indray avy eo no afahany mampiditra ny hafa na ireo namana tiany hampidirina dia toy izay hatrany hatrany.Tompon'andraikitra ny parrain mampianatra sy manoro ny zanany @ lafiny rehetra.

Ny fikambanana dia tsy manome alalana ny mpikambana hanangona ny volan'olona @ toerana samihafa ary tsy tompon'andraikitra raha misy fomba fiasan'ny Parrain izay heveriny ho fanatsarana ny fomba fiasa.

Tsy misy fetra ny taona ny mpikambana ary eken'ny fikambanana ka vonona ny hanaraka ny toro-marika napetraky ny fikambanana.

Koa satria olona efa afaka mitsinjo sahady ny hoaviny ary koa olona afaka hanao asa soa ho an'ny mpiara-belona no tanjon'ny fikambanana dia noferana ho14 taona no fetra taona farany azo ekena ho mpikambana ho an'ireo tanora tsy ampy taona
Tsy azon'ny tanora tsy ampy taona kosa anefa ny mandray vola nohon'ny tsy fahafenoan'ny fepetra maha tonga taona azy;Fa kosa afaka manao fangatahana avy amin'ny anaran'ny mpiantoka azy izy ka ny mpiantoka no manatanteraka ny fangatahana. Mila mifandray na manatona aty foibe izy ireo mba hanao Sonia ny fifanarahana nazahoana alalana tamin'ny Ray aman-dReny na mpiantoka ho fanamafisana ny fidirana ho mpikambana

Ny parrain kosa no mikarakara ilay olona raha tsy manana kaonty mobile izy ary satria tsy maintsy @ alalan' ny mobile money avokoa ny fikarakarana ny vola rehetra noho izany ny Parrain ihany miantoka sy miandraikitra ny zavatra rehetra hanatanterahana izany

Kaonty iray isan'olona no azon'ny rehetra atao ary nahazo alalana avy amin'ny fikambanana.Raha ny mifanohitra amin'izany no mitranga dia azon'ny fikambanana avy hatrany ny manafoana na manaisotra ilay mpikabana tsy misy fepetra na fampitandremana.Rehefa vita kosa ny matrice 3X6, amin'izay fotoana izay ny rehetra no afaka mamorona kaonty vaovao. Izany no natao dia mba hisian'ny endriky ny tena fifanampiana marina ato anaty fikambanana

Ireto avy ny taratasy tsy maintsy ho fenoin'ny  mpikambana rehetra:

- kopia karampanondro miaraka @ anarana sy kopian'ny taratasyin'ny olona mandova ny Kaonty
- sary tapaka 2 hanaovana karatra sy tahiry
- fanamarinam-ponenena 1'soloina raha nifindra  toerana)
- fanamariham-pahaterahana ho an'ny tanora  tsy ampy taona
- kopian'ny taratasy nofenoina ho an'ny tanora tsy ampy taona vita sonia (autorisation parental)

NY MPIKAMBANA TSY MAHAFENO IREO TARATASY IREO DIA TSY AFAKA MAKA NY TOMBOTSOANY

Aterina an-tanana na alefa @ adiresy mailaka  na alefa paositra ireo antotan-taratasy ireo:azo karakaraina miandalana ireo ary marihina eny ambony ny Pseudo na ny solon'anaran'ny tompon'ny antotan-taratasy.

Ireo rehetra voalaza eo ambony ireo dia azon'ny mpitantana ny fikambanana manamarina ny mpikambana amin'ny alan'ny fitsidihina any antoka-trano.

## FANDRAISANA ANDRAIKITRA

Ny MPITANTANA ny fikambanana Asso-fanantenana dia  tsy tompon'andraikitra ny fahatarana na fitavozavozana nohon'ny sitrapon'Andriamanitra,ady an-trano , fampiorohoroana, fitokonana, faharavan'ny fikambanana,ny olana ara-tekinika,fahamaizana,fanampahan-kevitry ny governemanta Malagasy,na endrika hafa mitovitovy sy miankina amin'ireo voalaza ireo.

Ny Mpitantana ny fikambanana dia manana andraikitra sy alalana tsy misy fepetra ny manova na manatsara ny sara-mpandefasam-bola na fandoavam-bola mifandraika amin'ny zava-misy.

Misy ny fotoana ho fanatsarana ny fitaovana koa dia manainga ny rehetra ny mpitantana mba haharitra izay ho fanatsarana mety hiseho

Anjaran'ny mpitarika ny mandinika ny fanovana izay ho fanatsarana rehetra ary entina eo amin'ny fivoriambe.Nohon'ny fahalalahana dia raisina avokoa izay soso-kevitry ny mpikambana rehetra izay efa voadinika.

Ny Fikambanana Asso-fanantenana dia tsy mandray na mampivady ny fikambanana hafa tsy mitovy tanjona aminy.

Tsy manao kolokolo ny fikambanana fa ny firesahana madio ho famahana ny olana.

Tsy azo atao ary voarara ny manao fanentanana na @endriny ahoana na ahoana (gazety , affiche , radio , fahitalavitra sns...)

Ny mpikambana dia manana zo hanentana ireo namana na fianakaviana na ny manodidina azy ka @alalan'ny fanazavana na fihaonana maharitra no hanantanterahana izany; Izany no natao dia hialana ny fandikana vilana ny fitsipika sy ny tanjon'ny fikambanana.


Koa izay mpikambana tratra manao zavatra mitovy @zany dia hesorina tsy ho isan'ny mpikambana intsony ary zoan'ny mpitantana avy hatrany ny mangeja ny kaonty.

## FEPETRA HIDINAN'NY MPITANTANA ENY IFOTONY:

Ankoatra ny fotoana napetraky ny mpitantana ho andro fivoriana na ho fampianarana dia :

- azon'ny mpikambana mahafeno isa 20 ka nahafeno taratasy ara-dalana ny maha-mpikambana azy ny manasa ny mpitantana hamonjy ny toerana mba hanazavana na hametraham-panontaniana hitadiavana vahaolana (manao fangatahana 2 herinandro mialoha izay atao @ anaran'ny foibe )

Ka atao mailaka no fomba fandraisana ny fangatahana rehetra.




## HOSOKA

Manaraka ny toetr'andro sy ny fanatontoloana ny fiarovana ny kaontin'ny mpikambana rehetra.
Azo ambara fa sarotra anefa ny fidiran'ny mpanao hosoka noho ny fitaovana ampiasain'ny fikambanana.

Tena sarotiny sady saro-piaro amin'ny endrika rehetra hitrangan'ny hosoka ny mpitantana ny fikambanana

Raha misy mpikambana tratra na vao saika hanao hosoka dia miatra avy hatrany ny fanesorana azy tsy ho mpikambana miaraka amin'ny fanangejana ny kaonty rehetra.

Raha misy mpikambana mahita na maheno fitrangan-javatra mitovy lenta amin'ny hosoka dia afaka manoratra avy hatrany aty amin'ny mpitantana miaraka amin'ny porofo voamarina

## SPAM

Ny mpitantana ny fikambanana dia sarotiny amin'ny fandinihina sy famaliana ny taratasy alefan'ny mpikambana.Ho fiarovana ny fitaovana ampiasaina dia tsy miantoka na mandray hafatra avy any @ SPAM.

Haravina ny fitarainana na ny fanovana tokony hapetraka dia azon'ny rehetra mpikambana ny vokatry ny fanavaozana na ny valin-kafatra hialana amin'ny fanontaniana miverimberina.




### *KAONTIN'NY MPIKAMBANA*

Maro ny endrika isehoan'ny olana eo @ kaontin'ny mpikambana tsirairay.

Raha tsy tafiditra ao anaty kaonty ny mpikambana dia mety olana eo @ fitadidiana ny solon'anarana na teny miafina izany. Efa mipetraka ny torolalana arahin'ny rehetra ho fiarovana ny kaonty ny Mpikambana rehetra.

Ny mpitantana ny fikambanana dia tsy manana zo hamoaka ny tsiabara-telon'ny kaontin'ny Mpikambana tsirairay fa samy tompon'andraikitra mba hiarovana ny biraony misy ny kaonty ny rehetra.

Tranga mpiseho matetika ny tsy hita tanteraka ny momba ilay kaonty noho ny fahaverezan'ny fitananana an-tsoratra:

Azo atao ny miala nenina amin'ny fitadiavana ilay kaonty

1. Mila fatarina ny parrain na ny Ray aman-dReny nampiditra anao tato amin'ny fikambanana,Ao anaty ny kaontiny ny solon'anaranao ary raha misokatra ara-dalana ny mail-nao dia tokony ho hita ao anaty fikarohana ny momba ny kaonty.
2. Entina any @ mpiandraikitra ny fikambanana ny karam-panondro sy ny finday fandraisana vola ka misoratra ao amin'ny kaonty,Ireo no fitaovana hanaovana ny fikarohana.
3. Ho takiana sarany ny tompon'ny kaonty tamin'ny nanaovana fikarohana ary miankina @ fandaniana natao no vola aloha amin'izany.

Maty ilay olona tompon'ny kaonty:

Rehefa nohamarinin'ny parrain na Ray aman-dReny ny fahafatesana dia azo soloina io kaonty io.

Takiana ny karampanondron'ilay olona maty sy ny taratasy fananamarinam-pahafatesana ary ny puce-na telephonen'ilay olona maty.

Ny saran'ny fandaniana rehetra dia tsy maintsy takiana amin'ny mpangataka

Mety hisy ny halaim-panahy hiala na hisaraka @ fikambanana:noho izany,tsy maintsy mandefa taratasy any mpitantana ny fikambanana izy ary atao dika mitovy makany @ parrain.

Ny fitaovana misy ato @ fikambanana no manafoana ny kaonty ary manolo izany kaonty izay tsy misy fibaikoana

Ny saran'ny fangatahana dia miankina amin'ny vola lanin'ny mpitantana ny fikambanana

Ny vola tsy raisin'ny mpikambana tsy misy fifampiresahina madritry 3 taona dia lasa fananan'ny fikambanana.